



**E.D.S.R.
Ambatolampy**

**20 JOLAY 2021
AMBATOLAMPY (MADAGASIKARA)
IVONTOERANA ENFANTS DU SOURIRE LA RÉUNION**

Tanjon'ny vondrona _:

Miahy sy mamonjy ireo ankizy mirenireny eny an-dàlana, fonja sy eny amin'ny fonenana tsizarizary manakaiky renivohitra amin'ny fomba rehetra mba hanome azy ireo : fiarovana, sakafo, fanabeazana, fitsaboana, sy mampahatonga azy ireo ho afaka miatrika ny fiainana eny amin'ny fiaraha-monina




**Hatramin'ny faran'ny taona 2004, ny Sœurs du Christ no miandraiki-
tra io ivontoerana io sy mampianatra ny ankizy miaraka amin'ny
fikambanan'ny Frera Fo Masin'i Jesoa**

Tamin'ity taona ity dia nisy ireo ankizin'ny" centre EDSR" no afaka nanohy
ny fianarana katesizy niomanana tamin'ny fanaraisana sakramenta tôt ny
komonio voalohany, kofesy, Ary batemy.



Nisy efatra tamin'izy ireo no nanao komonio voalohany dia i Fabrice,
Fetraniaina, Maherison ary i Koloina. Izany dia natao nandritra ny lamesa
fankalazana ny fetin'ny Sakramenta Masina ny Alahady 06 Jiona lasa teo.

Tamin'ny Alahady 13 jiona, i Sheno nandray ny konkesy voalohany.



Ary tamin'ity taona ity ihany dia afaka CEPE soa amantsara i Jean Tafita, Michaël ary Basil. Mirary soa azy ireo amin'ny fanohizana ny fianarana.



Isaoranay Andriamanitra noho izany fahasoavana rehetra izany.

Communauté Sœurs du Christ E D S R.